Les Scieries du Betsileo

# Éthique de l'entreprise/*Etika'ny Orinasa*

## 1. Anti corruption/*Ady amin'ny kolikoly*

L'entreprise ne participe à aucune pratique frauduleuse, aucun procédé de corruption et exige les mêmes disciplines chez ses prestataires.

*Ny orinasa dia tsy mandray anjara amin'ny fanaovana kolikoly, hosoka, na tetika tsy ara-drariny. Mitaky fitondran-tena madio sy mangarahara ihany koa amin'ireo mpiara-miombon'antoka sy mpamatsy tolotra.*

## 2. Droits fondamentaux du travail/Zon'ny mpiasa fototra

L'entreprise respecte les principes concernant les droits fondamentaux du travail édictés par l'OIT a) la liberté d'association et la reconnaissance effective du droit de négociation collective; b) l'élimination de toute forme de travail forcé ou obligatoire ; c) l'abolition effective du travail des enfants ; d) l'élimination de la discrimination en matière d'emploi et de profession.
L'entreprise respecte également toute la réglementation du travail à Madagascar

*Ny orinasa dia manaja ny zon'ny mpiasa fototra araka ny fitsipiky ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa (OIT): a) Zo hanangana fikambanana sy hanana zo hifampiraharaha ara-dalàna.*
*b) Fanafoanana tanteraka ny asa an-tery na atao an-katerena.*
*c) Fandrarana ny fampiasana ankizy amin'ny asa (tsy misy mpiasa latsaky ny 18 taona).*
*d) Tsy fanavakavahana amin'ny fandraisana mpiasa, karama, na fivoarana amin'ny asa.*
*Ho fanampin'izany, ny orinasa dia manaraka ny lalàna mifehy ny asa eto Madagasikara.*

## 3. Équité homme femme, non discrimination/*Fitoviana lahy sy vavy, tsy fanavakavahana*

LSB ne pratique aucune discrimination en matière d'embauches, de salaires ou d'avancements. Donc il n'y a pas de discrimination basée sur le genre à LSB

*Ny orinasa LSB dia tsy manao fanavakavahana amin'ny fandraisana mpiasa, karama, na fandrosoana amin'ny asa (jereo ny voalaza etsy ambony). Noho izany, tsy misy fanavakavahana mifototra amin'ny lahy sy vavy ao amin'ny LSB.*



Scanné avec CamScanner

## 4. Protection de la forêt contre les actes illicites/*Fiarovana ny ala amin'ny asa tsy ara-dalàna*

LSB déploie la brigade Polisy ny ala (PA) de surveillance sur l'ensemble du périmètre de Mandaratsy et de ses abords contre les défrichements, les vols de bois, les installations humaines et de surveillance contre les feux. Chaque semaine LSB signale à la DREDD toutes les activités illicites détectées.

*LSB dia mampiasa brigadin'ny Polisy ny Ala (PA) mba hanara-maso ny faritra Mandaratsy sy ny manodidina azy amin' ny fanapahana sy halatra hazo, ny fandroahana ala tsy ara-dalàna, ny fananganana toeram-ponenana an-tsokosoko, ny fiarovana amin'ny doro tanety sy doro ala. Isan-kerinandro, LSB dia manatitra tatitra amin'ny DREDD momba ireo asa tsy ara-dalàna hita.*

## 5. Respect de l'environnement/*Fanajana sy fiarovana ny tontolo iainana*

L'entreprise s'interdit d'utiliser des produits chimiques en forêt, d'introduire des espèces exotiques qui pourraient devenir des pestes végétales, d'utiliser des organismes génétiquement modifiés, de pratiquer des luttes biologiques et elle protège les quelques reliques forestières de forêt naturelle qui subsistent dans le périmètre.

*Ny orinasa dia mandrara tanteraka ny fampiasana vokatra simika amin'ny fitantanana ny ala, fampidirana karazan-javamaniry vahiny izay mety hanimba ny tontolo iainana, fampiasana zavamaniry na biby novaina ara-tsiantifika (OGM), fampiharana fomba fifehezana biolojika tsy voadinika tsara ary manolo-tena amin'ny fiarovana sy fitahirizana ireo ala voajanahary sisa tavela ao amin'ny faritra.*

## 6. Adhésion aux principes et critères du FSC/*Fanarahana ny fitsipika sy ny fepetra napetraky ny FSC*

Dans le prolongement logique de ses pratiques forestières, environnementales et sociales depuis 2009, l'entreprise LSB adhère à tous les principes et critères du FSC relatifs à la bonne gestion forestière.

*Amin'ny fanohizana ny fomba fiasa ara-pikarakarana ala, tontolo iainana ary sosialy nataony nanomboka tamin'ny 2009, dia manaraka sy mankato ny fitsipika sy ny mason-tsivana rehetra napetraky ny FSC momba ny fitantanana ala araka ny fenitra tsara ny orinasa LSB*

Les Scieries du Betsileo
Directeur
Tél: 032 02 057 56
E-mail: lsb@moov.mg



Scanné avec CamScanner